FRIEDRICH EBERT STIFTUNG

RJT
Réseau des Jeunes Travailleurs

TAMBAJOTRAN'NY TANORA MPIASA

RESEAU DES JEUNES TRAVAILLEURS

Ny Friedrich-Ebert-Stiftung (FES) dia mandray anjara amin'ny fampatanjahana ireo tompon'antoka isan-tsokajiny mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny andraikiny amin'ny fampiroboroboana ny demokrasia sy ny rariny ara-tsosialy.

Ny fanatonotoloana sy ny fifandaisan-tendrom-paritra eo amin'i Madagasikara sy ireo firenena hafa aty Afrika dia mametraka fanamby vaovao amin'ny fisoloana tena ny mpiasa sy ny fiarovana ny zo sy tombontsoan'izy ireo. Izany dia mitaky ny fifandraisan'ny hetsika sendikaly amin'ny sehatra manapa-kevitra sy ny seha-pikarohana. Isan'ny fototry ny fahombiazana ihany koa ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny hetsika sendikaly ary ny fanomanana ny tanora amin'izany.

Ireo no mahatonga ny FES sy ny sendikà hanokatra sehatra ho an'ny tanora vehivavy sy lehilahy : ny Tambajotran'ny Tanora Mpiasa (Réseau des Jeunes travailleurs – RJT)

Ny fandaharanasa RJT dia mifototra amin'ireto manaraka ireto:

Iza no mandray anjara amin'ny RJT

Tanora vehivavy sy lehilahy miisa enina ambin'ny folo (16) izay am-perin'asa, ary efa mirotsaka amin'ny fikatsahana ny rariny ara-tsosialy, na izany ao anivon'ny sendikà, na koa amin'ny sehatra samihafa eo amin'ny fiaraha-monina.

Inona no kendren'ny RJT ?

Mandray anjara amin'ny fipoirana sy fisongadinan'ny mpandimby eo amin'ny fitarihana ny sendikà ary manomana azy ireo hiatrika ny dinika sosialy sy ny dinika politika.

Inona no tanjon'ny RJT ?

Ny tanora mpiasa dia mandrafitra tambajotra hanaovana famakafakana sy hanatanterahana hetsika isan'ambaratongany ary koa mandray anjara amin'ny adihevitra mahakasika ny lafiny sosialy rehefa misy ny dinika momba ny fitomboan'ny harin-karena sy ny fampandrosoana.

Inona no vokatra andrasana amin'ny RJT?

Mandrampahatapitry ny fandaharana, ireo tanora mpiasa dia :

- mamantatra ireo tari-kevitra miantraika amin'ny maha-mpitarika azy eo amin'ny tontolon'ny asa
- mamaritra ny toerany manoloana ny firafitra eo amin'ny firenena sy ny sehatra iraisam-pirenena
- manatevina ny fahaizany mitarika amin'ny harentsain'ny demokrasia
- mampiasa ny tekinikan'ny haitarika sy ny fifandraisana
- manatanteraka ny vina izay nofaritany mba hanatsarany ny rafitra sy ny fomba fiasa

Inona no vontoatin'ny RJT ?

Mba hahazoana ireo vokatra ireo, ireo asa tanterahan'ny fandaharana dia miompana amin' :

- Ny fampitomboana ny fahalalana ankapobe momba ny tontolon'ny asa
- Ny fanamafisana ny fahaizana mifandray sy ny fahaiza-mitarika
- Ny fifandraisana amin'ireo mpiombona antoka samy hafa eo amin'ny tontolon'ny asa

Rahoviana, aiza no hanatanterahana ny RJT?

Mey – Novambra 2010 - Antananarivo na toerana hafa
Fiofanana in-4 miantoana mandritra ny 3 – 5 andro, isaky ny 2 volana, milasy ao amin'ny toeram-piofanana

BP 3185 – Lot VA 14 FA Tsiadana
Tel : 261 20 22 344 24 Fax : 261 20 22 257 31
E-mail :ebert@fes.mg
www.fes-madagascar.org